



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



ASSEMBLEE NATIONALE

ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-272

**LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA
VOALOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2023**

Fivoriana faha-31
Natao ny
Zoma 30 Jona 2023
- Alina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: - RAHELIHANTA Jocelyne
- ANGELE Solange

FOTOANA: Zoma 30 Jona 2023, tamin'ny 10 ora sy 45 minitra, alina.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2023.

- Lakolosy -
- Hiram-pirenena -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Nisy Solombavambahoaka namantsika nodimandry, izay zokiolona indrindra tamin'ny "mandat" teto amin'ny Antenimierampirenena. Mbola am-bohitra ny razana amin'izao fotoana izao. Tsy iza izany, fa ny Solombavambahoaka REMI dit DJAO Jean, voafidy tao Antsohihy izay nahavita "mandat" miisa 5 nisesy tany an-toerana. Koa ho fanomezam-boninahitra izany asa vitany teto amin'ny Antenimierampirenena izany dia manainga antsika rehetra am-panajana mba hitsangana sy mangataka iray minitra fahanginana.

- Iray minitra fahanginana -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Mitohy ny fivoriantika.

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2023 izao.

langaviana ny Mpitantsoratra mba hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -

Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Vita, Ramatoa Filoha.

- 3 -

- KabarindRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Mpitantsoratra isika tamin'ny namakiany ny andininy tao amin'ny Lalàmpanorenana izay.

Ramatoa sy Andriamatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

Isika Solombavambahoaka rehetra namana hajaina izay manatrika eto;

Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena;

Ianareo mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena, ao koa ny Tale sy ny Lehiben'ny Sampandraharaha, ianareo Tomponandraikitra tsirairay avy;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery izay tonga eto;

Ianareo manam-boninahitra Sivily sy Miaramila izay manatrika eto araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy;

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Tiako aloha ny manamarika amintsika eto fa noho ny fotoana izay tara dia tara, nanao fialan-tsiny, naniraka olona teo Andriamatoa Praiminisitra, nametraka fialan-tsiny raha toa tsy afaka manatrika izao fotoana izao ny tenany. Misy ny "exception" kanefa tsy misakana ny famaranana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana izany.

Izay no nihirana ny hiram-pirenena teo.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ny hatsiaka mamananala rey olona tsy hasakana ny hafanam-poko tsy hifaly mahita anareo indray. Koa tolорana arahaba maredona ianareo rehetra ho mariky ny fifandraisan-tàhana, ankasitrahana bevata tsy manadino ny fiarahana toy izao. Amin'izany moa ny fiarahabana dia atao ho antsika rehetra tsy ankanavaka.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka ihany koa, fa maro aminareo no mbola namonjy ny fetin'ny 26 Jona ary fantatra ny fahasaratana kanefa tonga ianareo nanaja ny fotoana izay tokony ho nihaonantsika nanomboka ny 28 Jona ka hatramin'ny androany 30 Jona 2023.

Araraotiko eto ihany koa ny misaotra ny vahoaka Malagasy izay tsy teto an-drenivohitra, fa na tany amin'ny Distrika aza, afaka nankalaza ny 26 Jona na dia teo aza ny fihantsiana tsy hahatanteraka izany.

Tiako ny manamarika fa raiki-paka ao am-pon'ny vahoaka Malagasy ny fetin'ny fahaleovantena izay manambara ny fiandrianam-pirenena.

Miarahaba ny kilonga izay afaka CEPE ary mirary soa ihany koa ireo kilonga izay mbola hanala ny fanadinana manaraka dia ny BEPC sy ny Bakalorea izany.

Hamaranako ny fiarahabana dia miarahaba manokana ireo havana Silamo mpiray tanindrazana amintsika noho ny fetin'ny "Eid Al-Adha" izay nankalazaina tamin'ny Alarobia 28 Jona 2023, lasa teo.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Na inona filaza na inona tsikera, sahinay no milaza fa niasa tsy an-kiato ny tato amin'ny Antenimierampirenena nandritr'izay 60 andro izay.

Tsy ho lava ny safà (resaka) fa hanaporofaona izany dia ireto ny bainga voavadika. Tsy hovakiako angamba ny bainga voavadika, fa ho hitantsika any amin'ny "site" any satria ny fotoana dia mandeha dia mandeha. Isika anefa tsy maintsy manaja ny fe-potoana.

Tao anatin'izany ny Volavolan-dalàna, tao anatin'izany ny fitsidihana vahiny, ny fitsidihana "corps diplomatique", ny fanefana iraka tany ivelany; na ny Birao Maharitra izany na ny Solombavambahoaka. Teo ihany koa ny nandraisantsika vahiny avy any ivelany.

Ajanoko eo angamba ny amin'iny, fa ny hamaranako ny tatitra dia mamelà ahy ianareo mba hitodika amin'ny vahoaka Malagasy izay niandry fatratra ny fifanatrehana teo amin'ny Antenimierampirenena sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta araka ny voalazan'ny andininy faha-102 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Ialana tsiny eto, Tompoko, fa tsy avy aminay na avy amintsika Solombavambahoaka no tsy nahatanteraka na tsy nahatontosa izany fifanatrehana izay nandrasanareo vahoaka maro tokoa izany.

Tsy misy tombony manokana ho an'ny Antenimierampirenena ny tsy nahatanteraka iny fifanatrehana iny. Izahay eto amin'ny Antenimierampirenena aza dia diso fanantenana ihany koa satria nanan-kambara mihitsy raha izay no lazaina. Koa mialatsiny amintsika raha tsy tontosa izany.

Mino aho fa mihaino sy mijery an'izao famaranana mivantana izao ianareo vahoaka nifidy anay any amin'ny Distrika misy anay tsirairay avy.

Da ialana tsiny arô Ragnandria.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Raha ny raharaham-pirenena kosa, amin'ny resaka tsy fandriampahalemana izay mirongatra, ka tsy maintsy mampita izany isika.

Ity aloha no asiana resaka voalohany satria mampikaikaika tokoa ny tsy fandriampahalemana, ka mitaraina ny vahoaka. Heno etsy sy eroa fa mirongatra ny asan-dahalo, ny mpaka an-keriny, ny mpamaky trano sy ny sisa izay henontsika amin'ny haino aman-jery. Misy aza Distrika izay tena mbola miaina amin'izany. Raha ireny niseho tany amin'ny Distrikan'i Mandoto sy Amparafaravola na ny Distrika sasantsasany any Atsimo ireny dia tena efa mianty ny Zandary mihitsy ny mpanao ratsy. Isaorana eto anefa ny mpitandrofilaminana, fa tsy nikoso maso mena izy ireo tamin'izany. Nisy tokoa ny omby tafaverina, ny takalon'aina votsotra ary ny olon-dratsy voatifitra.

Araka ny vaovao heno tamin'ny haino aman-jery sy ny tatitra tonga taty aminay, nisy mihitsy aza mpitandrofilaminana namoy ny ainy noho ny fiarovana ny vahoaka. Koa manolotra

fankasitrahana feno ho anareo mpitandrofilaminana amin'ny ezaka lehibe izay tontosainareo izahay.

Manentana koa mba hatao isan'andro mihitsy ny tagnamaro ho an'ny fandriampahalemana sy ny hetsika rehetra mitovy amin'izany. Amin'izao fotoana ankatoky ny fifidianana izao indrindra no fanararaotan'ireo mpanao ratsy, ka ilaina ho mandry ny tany sao haharatsy endrika ny fifidianana izay hatao tsy ho ela izany.

Ankoatr'izay, mahavalalanina mihitsy ity fahatapahan-jiro lava reny ity. Inona marina no tena zava-misy mahatonga ny olana tsy ho voavaha amin'ity JIRAMA ity. Aza afempenina amin'ny Antenimierampirenena ry JIRAMA ny fototry ny olana satria mandray anjara hatrany izahay amin'ny fankatoavana amin'ny fanomezana tetibola fanampiny anampiana anareo. Tsy maintsy lazaina ity resaka ity satria toy ny tongo-bakivaky, ka sady maharary no mahamenatra. Mikaikaika loatra ny vahoaka, Tompoko, valaka tanteraka izy. Ny fahasahiranana efa mby an-koditra kanefa ny fitaovana entina mihary koa tsy azo antenaina. Efa manomboka mivorivory, mitokona, maneho ny tsy fahafaliany ny toerana sasany. Sao hitatra izany ka ahiana hanakorontan-javatra kanefa isika mitaky filaminana hiatrehana ny fifidianana.

Eto kosa aho dia mitodika amin'ny Governemanta: mino izahay fa renareo ny tarainan'ny vahoaka amin'ny fisondrotry ny vidim-piainana. Mila tsy ho taka-bidy intsony izy ireny, indrindra ireo filàna andavan'andro, toy ny PPN na ny "Produits de Première Nécessité). Koa mampahatsiahy anareo Mpanatanteraka mba hijery akaiky ny fiainam-bahoaka na dia eo aza ny resaka pôlitika hafa. Aoka isika tsy ho sondriana amin'ny tampotsiny ka ny tamenany indray no avela.

Ho antsika tompom-pahefana rehetra, heverinay fa adidy ny manindry eto fa tokony ho tandrovana mandrakariva toy ny anakandriamaso ny fahaleovantenan'ny Fitsarana, araka ny voarakitra ao amin'ny Lalàmpanorenana, mba tsy hisian'ny ramatahora eo amintsika samy Malagasy.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Mikasika ny fifidianana, aoka samy hiandry am-pitoniana ny Didim-panjakana hanatanterahana izany ny rehetra ary antenaina fa izay voarakitra ao amin'ny Lalàmpanorenana ihany no harahina.

Isaorana hatrany ny CENI izay miroso amin'ny fanomanana sy manao ezaka lehibe amin'ny fifampiresahana amin'ireo mpisehatra rehetra, mba ho fifidianana madio, mangarahara ary eken'ny rehetra.

Heno koa izao, fa misy fanantenana ny hisian'ny "basket fund"; miara-mahita isika, hamatsiana ny fifidianana avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka. Antsoina sy andrasana ihany koa ny hahatongavan'ireo mpanara-maso vahiny satria fifidianana hahazo fankatoavana iraisam-pirenena no ilaintsika. Koa isaorana, Andriamatoa Filoha, tamin'ny nanekeny an'izay. Izany rehetra izany no ahafahana milaza fa roso toy, tsy tana sasy.

Everina koa fa fotoana angamba izao amoahana ny lalàna hametra ny vola hampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra eto Madagasikara. Ny atahorana mantsy, tsy ny hevitra na

fandaharan'asa intsony no handresen-dahatra hiantoka ny fahalaniana, fa zavatra hafa izay tsy hahasoa ny firenena raha ny hita tato ho ato. Tahaka miteny mihitsy ny makasokasoka raha vola izany, ka toa hafahafa izany hoy ny nitsako labozia. Ny ankamaroan'ireo mpisehatra ara-pôlitika rehetra dia efa eny an-kianja avokoa, miomankomana, efa fantatra fa ho mafimafy ny fiantsiana amin'izao fotoana mialohan'ny fampielezan-kevitra izao. Koa manao antso izahay, mba tsy ho avy amintsika maniry ny hiroso amin'ny fifidianana indray no iavian'ny korontana, sanatriavina izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Farany, eo amin'ny raharaham-pirenena ihany, mikasika ny zavatra tena andrasan'ny maro, tsotra no ambara eto satria efa betsaka ny fanehoan-kevitra momba ny zom-pirenena ary anisan'ny naneho hevitra tamin'izany izahay.

Eto dia tsara ny milaza, fa efa misy Tolo-dalàna ato amin'ny Antenimierampirenena. Tolo-dalàna laharana faha-001-2021/PL mikasika ny "code de la nationalité" mipetraka eto amin'ny Antenimierampirenena. Solombavambahoaka miisa 15 avy amin'ny Vondrona Parlemantera samihafa no namolavola azy io. Mahavaha olana maro izy io raha mikasika ny lalàna izay antitra hatramin'ny taona 1960, izay efa mila fanovàna. Anjarantsika Solombavambahoaka arak'izany no mandinika an'io Tolo-dalàna io amin'ny fotoana izay mahamety azy. Ny tanjona dia ny tsy hisian'ny olona tsy hanana sata. Ny tanjona izany dia "zéro apatridie". Maro ny "dispositions", izany hoe ny andinin-dalàna halamina ao amin'io Tolo-dalàna io mba hisorohana ny resabe mikasika ny satan'ny olom-pirenena.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Izay no ela, izay no voalahatra, tsy hay ny tsy hankasitraka antsika rehetra naharitra nihaino anay.

Ho antsika olom-boafidy rehetra, tsy ny an'ny Filohampirenena ihany no madiva hifarana ny fotoam-piasana na ny "mandat", fa saika ny antsika rehetra mihitsy. Koa kihon-dàlana faramparany izao hametrahana ny soa ho tadidy ho an'ny firenena sy ny vahoaka toy ny efa nilofosana hatramin'izay; mba mametraka dian-tànana na tantara tsara. Koa manaova ny tsara sy ny marina hatrany ry namako isany mpisehatra ara-pôlitika rehetra, fa mandalo ihany ny fahefana. Hafatratra apetrako ho antsika rehetra izany.

Mirary soa ho an'ny vahoaka Malagasy mba hanomana sy hiatrika fifidianana ao anatin'ny filaminana sy fahatomombanana, fa na inona na inona hiseho ary tsy fantatsika ny ampitso dia tsy maintsy fifidianana ihany no hiafaran'ity raharaha rehetra ity raha mbola tany demôkratika ihany ny Repoblikan'i Madagasikara.

Misaotra Tompokolahy,

Mankasitraka Tompokovavy, tamin'ny faharetana nihaino ny kabary.

- 4 -

- Fifaranan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ambarako fa mifarana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena amin'ity taona 2023 ity.

Mandrapihaona indray any amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoa amin'ny volana Oktobra izany.

- Tehaka -

Omby lahy mazava loha, ho tsara mandroso tahaka ny nahatongavanareo teto ihany koa no hiverenana any amin'ny Distrika nahalany antsika tsirairay avy, ka hanatontosa ny tatitra.

Alohan'ny hamaranako ny teniko tanteraka, miantso antsika Solombavambahoaka, satria rahampitso no fandevenana ny namantsika izay "Doyen", hoy aho, tamin'ny fahelan'ny "mandat"; miantso antsika rehetra izay afaka handeha hisolotena matevina hanatrika izany fandevenana ny namantsika izany.


Mifarana hatreto ny fivoriantantsika.

Misaotra Tompokolahy,
Mankasitraka Tompokovavy,
Samy hotahian'Andriamanitra.

- Tehaka -

- Lakolosy -

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 5 minitra, alina, ny fivoriana.

**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**